# NY LALAO SY FIALAM-BOLY MALAGASY

## Famaritana :

Fanaovana zavatra mihataka amin'ny asa aman-draharaha fanao andavanandro ka ialana amin'ny harerahana mba hanovozana hery indray ny atao hoe "fialaham-boly".

Manana anjara toerana manokana amin'ny fampanjariana izany ny lalao, satria ny fijerena sy fanaovana an'ireny lalao ireny no antsoina hoe fialam-boly, izay miteraka fifaliana, fahafinaretana, fahasambarana , fiadanana, …

## Ny karazan-dalao malagasy

Azo sokajina ho telo lehibe ny lalao malagasy:

### Lalao mahery setra

Amin'ny ankapobeny, tena miala voly amin'ity karazan-dalao ity ny mpijery ary saika ny lehilahy sy ny tanora no manao azy.

*Oh:* diamanga, moraingy, tolona, ringa, savika, …

### Lalao milantolanto

Tanterahin'ny vehivavy kosa izy ity

*Oh:* tso-bato, tsivarivary, tsikonina, sabaka na kisabaka, dihim-bazaha, kisatady, kilapapa, hiragasy, dihy malagasy, vitsilia, raosijamba, avy mangataka, tamaboho, …

### Lalao mampiasa saina

Manao ity karazan-dalao ity ny sokajin'olona rehetra, izany hoe, ikambanan'ny lehilahy sy ny vehivavy; eny fa na ny antitra aza.

*Oh:* *f*anorona, ankamantatra, ankifidy, fampitaha, katro, mampiady

ravinkazo, …

## Ny anjara asan'ny lalao

Fanabeazana

- Ara-batana

Mampavitrika sy mampatanjaka

- Ara-tsaina
  - Mampivelatra ny saina
  - Manazatra ny saina ho zatra fitsipika eo amin'ny fiarahamonina, satria samy misy fitsipika avokoa ny lalao rehetra.
  - Lasa tia mikarokaroka ny saina

Fahafinaretana

Fahasalamana

## Ny lalao malagasy sy ny fampandrosona

- Mitondra laza sy voninahitra ho an'ny mpanao azy
- Maneho ary mikajy ny kolotsaina manavaka ny firenena
- Mety hitondra vola vahiny koa noho ny fidiran'ny mpizahatany hijery ireny lalao ireny
- Mitarika ny tanora handray andraikitra fa tsy lany andro amin'ny zavatra tsy mahasoa (zava-mahadomelina, asa ratsy, …)

## Ny mety ho voka-dratsiny

- Mahatonga ny ankizy sy ny tanora tsy hifantoka amin'ny fianarana
- Miteraka takaitra na ratra na fahafatesana mihitsy aza indraindray
- Mandany vola ihany koa ny fividianana ny fitaovana ampiasaina na ny sakafo tsy maintsy ara-dalana eny fa ny hatramin'ny fanatontosana aza dia mety handany vola amin'ny firenena
- Mampieboebo sy mampirehareha ny mahay azy koa izy ireny

## Ohabolana:

- *"Adin'ombalahin'ny mpianakavy, izay maharesy tsy hobiana ary izay resy tsy akoraina"*
- *"Ny diavolan-ko lava, ny lalao mbola ho ela"*
- *"Raha olona kanosa, aleo mipetraka ho hajaina, toy izay mifanandrina amin'ny tsy ho tanty"*
- *"Miady amin'ny olon-tiana, aleo resiny toy izay maharesy azy"*
- *"Kalon'antitra ka ranomaso no iafarany"*
- *"Tsy mety raha ny anateran-kira indray no milaza tsy mahay"*
- *"Kalon'ilay moana, am-po no mametsovetso"*
- *"Zanak'omby fahavaratra, sady lalao no harena"*